
# TORITENY - ALAHADY TSOTRA FAHA 2 – TAONA B 2024



## *SAMY NANTSOIN'ANDRIAMANITRA TSIRAIRAY ISIKA*

Ry Kristianina havana malala, amin'izao Alahady tsotra faharoa mandavantaona dia mampiditra antsika tanteraka amin'ny vanimpotoana mandavantaona ka manosika antsika hanamafy aminy fandalinam-pinoana fa indrindra amin'izao isika miroso amin'ny tapany faha-3 amin'ny Sinaody ary miroso amin'ny fankalazana maro sosona eto amintsika amin'ity taona ity ary ny fara-tampony dia ny KONGRESY EOKARISTIKA NASIONALY (KEN 2024). Tsy mahagaga raha faratampony ny Kongresy Eokaristika satria ny Eokaristia no loharano sy fototra ny fiainantsika. Aoka àry hohararaotintsika izao vanim-potoana mandavan-taona izao handalinantsika ny finoana ka hivelomantsika ireo hafatra maro samihafa mikasika ny Sinaody ary ny Kongresy Eokaristika. Manaraka izany aoka tsy hiraviravy tanana isika amin'izao andraikitra sy adidy tandrify antsika mikasika an'izay fiomanana izay.

**Vakiteny 1:1 Sam. 3, 3b-10.**
**19 Tononkira : Sal. 36**
**Vakiteny II : 1 Kôr. 6,12e-15a. 17-20**
**Evanjely : Jo. 1, 35-42**

Araka ny voalazantsika matetika tsy misy kisendrasendra ao amin'Andriamanitra fa ataony izao rehetra izao hahasoa izay tia azy ka inona tokoa fa mifanojo tsara ny lohahevitry ny fijanonana faha 3 sy lohahevitry ny Kongresy Eokaristika : "FIHAVANANA MANASITRANA AN'IZAO TONTOLO IZAO… MPIRAY TAMPO IANAREO JIABY…. KA MIFANASOA MIFAMPITSIMBINA MIKAJY NY SOA IOMBONANA.

Na ny vavaka mikasika ny Sinaody na ny vavaka mikasika ny Kongresy Eokaristika na ny vavaka mikasika ny fianakaviana ataontsika isaky ny sabotsy dia manentana antsika hivahatra bebe kokoa amin'izao diabe iarahantsika manao izao dia ny hanorina indray ny tranobe iombonana ka hamerina amin'ny laonina indray ireo fifandraisana telo mandrafitra ny mahaolona antsika izany rahateo ny nahatongavan'I Jesoa ho nofo nankalazaintsika tamin'ny Noely.

Ny vakiteny telo ampitain'ny Eglizy amintsika androany dia miresaka an'Andriamanitra miantso

antsika tsirairay avy satria tiany isika ho ao anatin'ny fiadanana sy hafaliana miaraka Aminy. Ao anatin'izany hafaliana sy fiadanana izany no tiany hamokatra. Isika rahateo mangetaheta mba hanana ny fiadanana sy ny hasambarana ka maniry isika mba hamokatra ny fiainantsika sy hamokatra be dia be, ary tsy ho antsika ihany fa ho an'ny firenentsika, ho an'ny fianakaviantsika, ho an'ny Eglizintsika. Izany no dikan'ny hoe "fihavanana manasitrana an'izao tontolo izao... Mpiray Tampo ianareo jiaby ka mifampitsimbina mifanasoa mikajy ny soa imbonana..." Izany hoe mamokatra tsy araka ny hevitr'izao tontolo izao fa mamokatra ho an'ny olona, ho an'ny olona manontolo ary ho an'ny olon-drehetra.

Miantso antsika tokoa Andriamanitra, miantso antsika izy tahaka ny niantsoany an'i Samoela izay nohenointsika tamin'ny vakiteny voalohany.

Tsy nazava tamin'i Samoela ny antson'Andriamanitra tamin'ny voalohany. Aza gaga isika raha misy zavatra mitranga eo amin'ny fiainantsika toa tsy mazava, raha misy antson'Andriamanitra tsy mazava amintsika dia mila mpanelanelana isika. Na dia ny mpanelanelana koa aza dia tsy tonga dia mazava aminy avy hatrany izany antso izany fa mila miezaka sy mitoky amin'ny asan'ny Fanahy Masina mpanazava izy mba ho afaka hanoro sy hampianatra. Izany ny asan'ny Eglizy, Reny izy ka sady mampianatra sy mikolokolo no manambara ny marina. Mety mafy ny fandraisantsika ny marina ampahafantariny antsika. Tsy maintsy harahina sy hampiharina amin'ny fiainana fa ny tanjona dia ny hahafahantsika mahazo tsara ny làlan-kombana.

Eto dia i Elia no mpanelanelana sy mpanoro làlana an'i Samoela. Rehefa niverina fanintelony naheno ny antso ka nanatona an'i Elia i Samoela dia hoy Elia taminy, izao no ambarao raha mbola maheno ny feo miantso ianao : " Inty aho , mitenena fa mihaino ny mpanomponao". Nazava tamin'i Samoela ny antso noho ny fanampian'i Elia.

Amin'izao fanombohan'ny taona izao fa indrindra isika Ray, Baba ary araka ny famaritana ny Ray, Baba dia ireo manana fahefana, toerana manokana eo anivon'ny fiaraha-monina, manana fitantanana sy fitondrana. Araka ny hafatry ny Papa rehefa miresaka an'Md Josefa izy dia aoka hoy izy ny Ray rehetra hahahita, hahalala ary hivelona ny vokasiona fa io no miteraka ny korontana satria maro no tsy mivelona ny vokasiona. Raha i Md Josefa no raisina modely dia lehilahy tia vavaka. Aoka ny Ray izay modely ho an'ny taranaka ho tia vavaka. Aoka ny Ray ho tahaka an'I Md Josefa ho lehilahy marina. Matoa mahantra isika Malagasy tsy hoe tsy misy harena tsy misy manam-pahaizana tsy misy mpanao politika... Mahantra isika satria mahantra olona marina. Mila mibebaka izay ray aman-dreny mba hahay hampanjaka ny marina. Modely amin'ny fankatoavana ny sitrak'Andriamanitra i Md Josefa ka na dia sarotra taminy ny antso niantefa taminy dia niroso izy. Mila matoky an'Andriamanitra izay Ray fa tsy hanao izay saim-pantany. Modely amin'ny asa i Md Josefa ary namelona ny ankohonany tamin'ny asany izy. Mila Ray toa izany koa isika hoy ny Papa fa tsy Ray miteraka fotsiny fa aoka ho Ray mpamelona sy Mpanabe. Mpandrafitra no nahalalan'ny olona an'i Jesoa. Asa nampianarin'i Josefa azy io.
Izany ihany koa no henontsika ao amin'ny Evanjely : mikatsaka ny misy an'i Jesoa ireo mpianatr'i Joany, izany hoe mikatsaka ny vokasiony... Rehefa nandalo teo akaikin'i Joany i Jesoa, dia nanoro

làlana azy ireo i Joany izay mpanelanelana. Tsy nifikitra tamin'ireo mpianany i Joany fa notadiaviny sy niriny ny mba hahitan'ireo mpianatra ireo ny soa sy ny lalan-kombana, ny vokasiony ka natorony azy ireo i Jesoa Kristy ilay zanak'ondrin'Andriamanitra. Rehefa nandre izany ireo mpianatra dia nanaraka an'i Jesoa.

Mirary aho mba hahita olona mpanoro làlana tahaka an'i Joany isika amin'izao depart vaovao izao, ny fianakaviana eglizy kely mba hahita olona marina mpanoro làlana, ireo Ray, Baba hahita olona hanoro lalana ka hitondra azy ireo amin'i Jesoa Lalana sy fahamarinana ary fiainana. Aoka isika izay mpanoro làlana hivelona izay atorontsika fa ny teny manaitra fa ny atao mahasarika. Sambatra isika eto Madagasikara fa manana modely dia i Victoire Rasoamanarivo, I Frera Rafiringa, I Lucien Botovasoa, namory ireo manodidina azy izy ireo na lehibe na kely fa indrindra ireo manam-pahefana, nampianatra azy ireo ho olona marina, ho olona tia vavaka, ho tia manompo, ho tia manasoa sy mitoetra ao amin'i Kristy ka manatanteraka izay sitrak'Andriamanitra. Nisy mpanenjika ihany izy ireo tamin'izany satria tsy misorona, tsy mihatsaravelatsihy fa manoro ny marina mandrakariva ary manatanterka izay lazaina ka nanelingelina ny maro.

Aoka ho tsipihintsika fa matoa afaka nanoro lalana tahaka izany i Victoire, i Lucien i Frera Rafiringa satria olon’ny Eokaristia. Tao amin’ny Eokaristia izy ireo no nanovo ny angovo. Azontsika onognona tsara ny mahasarobidy ho antsika ny Kongresy Eokaristika amin’izao isika miatrika ny Sinaody faha 7 izao mba hanana fitiavana manokana ny Eokaristia isika.

Nanatona an'i Jesoa ireo mpianatra ireo, ka nanontany i Jesoa nanao hoe : "iza no tadiavinareo ?" Fantatr'i Jesoa ny zavatra tadiavintsika ka arahontsika izy dia ho sambatra ny fiainantsika.

Manomboka ny taona, maro ny zavatra mifamahofaho amin'ny fiainantsika, eo ity krizy manapotika ny fiainantsika dia ny fiovan’ny toetr’andro, ny vidim-piainana tsy zaka intsony, tsaiky maro tsy afaka mianatra, maro tsy an’asa… sns… Samy maniry hanao "depart vaovao, fiaingana vaovao" ka manontany antsika tsirairay I Jesoa izao : inona no tadiavintsika ?

Raha mitady an'i Jesoa isika dia hahita vokatra be satria Izy nilaza fa izay mitoetra ao Amiko no hamokatra be. Koa manatona Azy isika raha te-hamokatra. Izany hoe mila SAFIDY mitondra amin'ny fiovam-penitra mahery vaika izany hoe depart vaovao.

Namaly ny mpianatra i Jesoa nanao hoe "avia ka ho hitanareo", raha mamaly an'i Jesoa koa isika dia sady efa mahita Azy no hitoetra ao Aminy sy hamokatra be.

I Simona Piera tamin'izay dia nitady hanatona Azy ka nifanena taminy rehefa nolazain'ireo rahalahiny hoe efa hitanay ny Mesia. Enga anie isika araky ny voalazan'i Papa Ray Masina mba ho tahaka ny olona mpivahinin'ny finoana ka izay mifanena amintsika dia mahita ny Mesia avy amin'ny fiainantsika. Tahaka an'i Simona nifanena tamin'ny rahalahiny.

Enga anie isika EOV MISIONERA VITA BATEMY TABERNAKLA VELONA ho famantarana ho an'ireo manodidina antsika, ka amin'izay i Jesoa hilaza amintsika tsirairay avy, satria mifototra ao Aminy

isika, tahaka ny nilazany tamin'i Piera hoe : " ianao no Simona zanak'i Joany izay atao hoe Sefasy, ianao no Piera izany hoe vato izay mijoro tsy azo hozongozonina. Ho vato anie isika tsirairay ka hifikitra tsara amin'ny famonjena ka ho zary famonjena ho an'ireo manodidina antsika. Izany no antenaintsika amin'izao taona vaovao izao mba hivahatra tsara ny finoantsika ka ho zary famantaram-pamonjena satria olo araiky ao amin'i Kristy isika.
Aoka ho olom-baovao ao amin'i Kristy isika araky ny hafatry Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa mba tsy ho azon'ny rendrarendran'izao tontolo izao, izany hoe tsy hampifangaro ny fiainantsika amin'ny fiainana maro samihafa fa ho tena rantsam-batan'i Kristy tokoa isika, ho iray Aminy amin'izay ho lavitra antsika ireo fitondran-tena ratsy, ho lavitra ny fijangajangana isika izany hoe ny fifangaroan-javatra eo amin'ny fiainantsika. Ny fijangajangana ara-nofo no farantampony fa misy ny ara-tsaina sy ara-panahy ihany koa. Araky ny voalazan'i Md Paoly, ny fahotana hafa rehetra dia ataon'ny olona ivelan'ny tenany fa ny fijangajangana no ataony amin'ny tenany. Aoka ho tempolin'Andriamanitra isika, tahaka an'i Samoela, tahaka an'ireo Apóstóly ka hifikitra Aminy, hitoetra ao Aminy ka hamokatra eo amin'ny fiainantsika. Aoka hiombona Aminy tanteraka isika.

Ry Jesoa Tompo, Ianao Fihavanana ary ny Fihavanana no hanasitrana an’izao tontolo izao satria mpiray tampo izahay jiaby. Miantso anay ho Eglizy Fianakaviamben'Andriamanitra tokoa ianao, ho Fratelli Tutti, ho Olo Araiky hanorina ny tranobe iombonana efa robaka. Miantso anay tsirairay avy ho EOV MISIONERA ka ampio izahay hahay hamaly Anao, hahay hampihatra sy hampiasa ny talentanay tsirairay avy mba hifanasoavanay, hoentinay hanasoa ny hafa, hanehoanay ny fifankatiavana ka hiala amin'ny fiainana tsizarizary izahay fa ho tena taranaka mpampijoro tokoa, ho taranaka hiala amin'ny fitondran-tena ratsy ka ho taranaka mpanorina tokoa izahay dia ho vonona mandrakariva hanatanteraka ny sitraponao amin'ny alalan'ny asa ampanaovinao anay mba ho fiderana Anao sy ho fanomezam-boninahitra ny anaranao. Ry Masina Maria Reninay sy Md Josefa Ray Mpiaron'ny Eglizy Erantany mivavaha ho anay mba hahay hivelona ny vokasiônay izahay. Mivavaha manokana ho an'ny Ray mba hahalala sy hiaina ny vókasiona maha-Ray maha-Baba izy ireo. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson